FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT
30 taona

# FID'actus

n°14 • Martsa / Mars 2023




Tarehimarika
*Chiffres clés*
........ 2

Ny tenin'ny... Tale Jeneraly
*Le mot du... Directeur Général*
........ 3

Tapatapany
*Brèves*
........ 4

« Tsy ho tafavoaka aho raha tsy nisy ny fanohanan'ny *Vatsin'Ankohonana* »
*« Je n'aurais jamais réussi mon commerce sans le soutien du Vatsin'Ankohonana »*
........ 5

Haraton'aina : Ahoana ny fomba hanatanterahana ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona ?
*Filets sociaux : Comment les programmes de protection sociale sont-ils mis en œuvre ?*
........ 6 - 7

Fotodrafitrasa : Fanarenana, hoavin'ireo mpiara-belona
*Infrastructures : Reconstruction pour le futur des communautés*
........ 8

"Namolavola ahy ho lasa mahery fo ny *Asa Avotra Mirindra*"
*« Je suis devenue une femme battante grâce à Asa Avotra Mirindra »*
........ 9

Fanontaniana 3 ho an'i Sekretera jeneralin'ny kaominina renivohitr'Imerintsiatosika / *3 questions au Secrétaire Général de la Commune Urbaine d'Imerintsiatosika*
RAKOTONDRAFARA Marcellin
........ 10 - 11

Afrika atsimon'i Sahara : Ho sahirana tanteraka raha tsy miroso be be kokoa amin'ny fampandrosoana ny indostria ao anatin'ny 20 taona ho avy
*Pour éviter un chaos humanitaire, l'Afrique subsaharienne doit s'industrialiser en moins de vingt ans*
........ 12

Source : Rapport annuel 2022 FID

## PROJET FILETS SOCIAUX DE SECURITE

Financements Banque mondiale et Etat Malagasy

### Filets Sociaux Productifs (FSP)

*Asa Avotra Mirindra*

Offrir des travaux rémunérés et des renforcements de capacités productives aux acteur-bénéficiaires

**117 916** ménages bénéficiaires
**862** chantiers
**15** Régions
**21** Districts

### Transfert Monétaire pour le Développement Humain (TMDH)

*Vatsin'Ankohonana et Fiavota*

Fournir un soutien aux revenus, appuyer la fréquentation de l'école primaire, faciliter l'accès aux services sociaux de base (santé, nutrition, ...) des ménages acteur-bénéficiaires

**232 156** ménages bénéficiaires
**07** transferts
**12** Régions
**27** Districts

### Filets Sociaux Urbains

Fournir des paquets des transferts monétaires urbains (TMU) et offrir une opportunité d'accéder à des revenus supplémentaires grâce à l'inclusion productive urbaine (IPU) pour les ménages les plus vulnérables

**29 941** ménages bénéficiaires
**07** transferts TMU
**27** chantiers IPU
**03** Régions
**03** Districts

### Réponses aux crises

Répondre à un large éventail de situations d'urgence (catastrophes naturelles, crise sanitaire)

**363 028** ménages bénéficiaires
**35** infrastructures réhabilitées/reconstruites
**02** transferts post cyclones et période de soudure
**04** transferts réponses sècheresses
**524** chantiers ACT
**17** Régions
**58** Districts

## CONTINGENT EMERGENCY RESPONSE COMPONENT (CERC)

MECANISME DE REPONSE IMMEDIAT

### Argent contre travail

Pourvoir des revenus temporaires additionnels après l'obtention du Tosika Fameno

**10 080** ménages bénéficiaires
**64** chantiers
**04** Régions
**09** Districts

## PROJET D'APPUI A L'EDUCATION DE BASE (PAEB)

**Construire 200 écoles** équipées de tables bancs, de tables et chaises des maîtres ainsi que des latrines.

**100** écoles construites
**50** écoles en travaux
**50** écoles en cours de préparation
**05** Régions
**10** Districts

## ALLOCATION UNIVERSELLE POUR L'ENFANT ET L'ALLOCATION D'EGALITE DE CHANCE (ZARA MIRA)

FINANCEMENT UNICEF

Soutenir les ménages afin qu'ils puissent investir dans le bien-être de leurs enfants et leur fournir les meilleures chances dans la vie, y inclus pour les personnes vivant avec un handicap.

**14 930** ménages bénéficiaires
**06** transferts ZARA MIRA
**01** transfert réponse sécheresse SUD
**02** Régions
**02** Districts





# Ny tenin'ny... Tale Jeneraly



Jaona ANDRIANANTENAINA
*Tale Jeneraly / Directeur Général*
*Fonds d'Intervention pour le Développement*

Ry mpiara-miombon'antoka,

Ny taona 2023 no hanamarihana sy hankalazana ny faha-30 taona niasan'ny FID ho an'ny fihatsaram-piainan'ny mpiara-belona sy ny fahombiazana iombonana. Ho taona zina ho an'ny fiahiana sy ny fanatsarana hatrany ny fiainan'ireo mpiray tanindrazana amintsika ity taona ity.

Niatomboka tamin'ny taona 2016 ny tetikasa « *Haraton'aina* » na *Filets sociaux de sécurité (FSS)* izay nanohanana sy nanaovana tantsoroka tokantrano maherin'ny 1.355.000. Hifarana amin'ity taona ity ny tetikasa ary nahitana vokatra misongadina amin'ny lafiny fototra mahaolona. Ohatra vitsy amin'izany : 90% ny ankohonana mpisitraka dia nirotsaka amin'ny asa mampidi-bola, 90% dia mampihatra ireo fihetsika fototra sy miabo manatsara ny fiainana ao an-tokantrano, 96% tahan'ny fitozoan'ny mpianatra, 80% amin'ireo vehivavy mpisitraka dia mandray andraikitra sy mahazo lanja kokoa ao an-tokantranony sy eo amin'ny fiarahamonina.

Ireo vokatsoa azo tsapain-tanana ireo no azo lazaina ho fototra nahafahana mandroso ny tetikasa *"Haraton'aina sy sandatohitra" (Filets sociaux et résilience - FSR)*, izay ho sitrahan'ireo tokantrano manodidina ny 480.000 ao anatin'ireo faritra 23 eto amin'ny firenena. Ity tetikasa vaovao ity dia kasaina hatomboka ny volana jolay amin'ity taona ity ary vatsian'ny Banky iraisam-pirenena vola.

Taorian'ireo rivodoza nifanesy, Cheneso sy Freddy, dia efa nahetsika avokoa ireo fandaharanasa fanohanana ny mponina traboina. Ny fanatanterahana ireo dia manaraka hatrany ireo dingana sy fenitra voafehin'ny lalàna. Ny asa atao amin'izany dia ny asa tanamaro atakalo vola, isan'izany ireo asa mamerina ny fahafahan'ny mponina mamokatra ; ny vatsy ara-bola tsy misy fepetra ary ny asa fanarenana ireo fotodrafitrasa simba.

Mamerina hatrany ny antso ho an'ireo olom-boafidy, ireo olom-boatendry eny ifotony, ireo fiarahamonim-pirenena ary ireo sehatra tsy miankina isan-karazany mba ho eo anilanay hatrany sy handray anjara feno amin'ny fampandrosoana maharitra ny fiainan'ny mpiara-belona.

# Le mot du... Directeur Général

Chers partenaires,

2023 marque la célébration des 30 années d'engagement du FID pour le bien-être de la population et pour notre réussite commune. Cette année augure également de belles perspectives pour la protection sociale et l'amélioration constante de la vie de nos compatriotes.

Depuis l'année 2016, le projet *"Filets sociaux de sécurité"* (FSS) a permis de soutenir et d'accompagner plus de 1.355.000 ménages. Le FSS sera clôturé cette année avec un bilan positif en termes d'amélioration du capital humain. Pour n'en citer que quelques-uns : 90% des ménages soutenus ont investi dans des activités génératrices de revenus, 92% ont adopté les pratiques familiales positives, taux d'assiduité scolaire des enfants à 96%, 80% des femmes bénéficiaires ont plus de responsabilité au sein de leur foyer et de la communauté.

Ces résultats pertinents ont été le socle du développement du nouveau projet *"Filets sociaux et résilience"* (FSR) qui bénéficiera à environ 480.000 ménages dans les 23 régions du pays. Le FSR est prévu débuter vers le mois de juillet de cette année.

Suite aux derniers cyclones, Cheneso et Freddy, nos réponses pour soutenir les populations affectées sont déjà activées et suivent les processus normalisés. Il s'agit des activités Argent Contre Travail (ACT) dont celles soutenant le relèvement productif (ACTP), les transferts monétaires inconditionnels et la réhabilitation des infrastructures touchées.

Nous réitérons notre appel, aux autorités et élus locaux, aux membres de la société civile et aux différents acteurs du secteur privé, d'être à nos côtés et de s'impliquer pleinement pour améliorer durablement les conditions de vie des communautés.

# Tapatapany

**Fambolen-kazo : hetsika hoan'ny tontolo iainana**

Manamafy hatrany ny fahavononany amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ny FID. Ankoatran'ny fambolen-kazo niarahana tamin'ny primatiora, ny 17 febroary lasa teo no nanatanterahan'ny FID ny fambolen-kazo tao Ampaneva sy Ambohibao, distrikan'i Manjakandriana, faritra Analamanga. Zanakazo maherin'ny 1.300 isa, ahitana karazana ala sy hazo fihinam-boa, no niarahan'ireo mpiara-miasa sy ireo mpisitraky ny fandaharanasa fiahiana mpiara-belona *Asa Avotra Mirindra* nisalahy namboly. Ireto farany no hanara-maso ny fitomboan'ny zanakazo, sady fampiharana ny fiofanana azo momba ny fitantanana ny tontolo iainana tao anatin'ny fandaharanasa. Nosokafana tamin'ity fambolen-kazo ity ihany koa ny fankalazana ny faha-30 taona niasan'ny FID.



***Asa Vonjy Voina* : Fandraisana vonjimaika ireo asa fanarenana**

Taorian'ireo rivodoza nifanesy ny taona 2022, fotodrafitrasa maro toy ny sekoly sy ny tobimpahasalamana no simba. Anisan'ny niankinan'ny andavanandron'ireo vondrom-piarahamonina tena marefo ireo. Tamin'ny alalan'ny *Asa Vonjy Voina* dia nanatanteraka ny asa fanarenana ireo fotodrafitrasa ny FID mba hamerenana amin'ny laoniny ny fisitrahan'ny vahoaka ireo tolotra fototra. Anisan'ny asa fanarenana notanterahina ny fanavaozana ny varavarana, ny varavarankely, ny tafo sy ny valin-drihana ; ny fanamboarana ny solaitrabe ary ny fandokoana anatiny sy ivelany. Fotodrafitrasa maherin'ny 30 no noraisina vonjimaika nandritra ity telo volana voalohany ity. Anisan'izany ny trano fiterahana tao Amboasary Atsimo, ny CEG tao Fenoarivo Farafangana, ny tetezana tao Andranomavo, ...

# Brèves

**Reboisement : Des initiatives vertes pour le FID**

Le FID renforce son engagement dans la préservation de l'environnement. Outre le reboisement avec la primature, c'est à Analamanga, dans la commune d'Ampaneva et Ambohibao Sud, district de Manjakandriana que le FID a organisé son reboisement. Le 17 Février dernier, plus de 1.300 plants dont des espèces forestières et des arbres fruitiers ont été mis en terre main dans la main par le personnel du FID à Antananarivo et les ménages bénéficiaires du programme de protection sociale *Asa Avotra Mirindra.* Ces derniers assureront le suivi du développement des jeunes pousses pour une application directe des formations reçues sur la gestion de l'environnement dans le cadre du programme. Cet évènement marque, par ailleurs, le coup d'envoi de la célébration du trentenaire du FID.

***Asa Vonjy Voina* : Réception provisoire des différents travaux de reconstruction**

Après le passage des cyclones Belna, Batsirai et Emnati, des infrastructures dont des écoles ou centres de santé, ont subi des dégâts conséquents affectant le quotidien des communautés les plus vulnérables. A travers *Asa Vonjy Voina*, le FID a procédé à des travaux de réhabilitation pour rétablir la livraison des services sociaux de base. Ces travaux comprennent la remise à neuf des portes, fenêtres, du dallage intérieur et du plafond, la construction des tableaux noirs ou encore la peinture intérieure et extérieure. plus de 30 infrastructures de base ont été provisoirement réceptionnés la clinique dentaire sur Bezaribe Tolagnaro, la maternité de Amboasary Atsimo, le CEG à Isaka Ivondro et Behara, ainsi que les écoles primaires publiques, le CEG de Fenoarivo Farafangana et le pont accédant à Andranomavo,





**Françoise KAMIALY**

*Mpisitraka / Bénéficiaire Vatsin'Ankohonana*
*Bezaha III, Betioky Atsimo*



© Mirana Ralaivola /FID

## *« Tsy tafavoaka aho raha tsy nisy ny fanohanan'ny Vatsin'Ankohonana »*

Françoise KAMIALY, renim-pianakaviana mananjanaka telo. Tsapany ho nihatsara ny fiainany noho ny fandaharanasa. Teo ny fahazotoany sy ny fitozoany ary indrindra ny risi-po ambony izay nanany, ka nahatafitany ny tetikasa fambolem-bariny sy ny famarotana izany. Nahafahany nividy masomboly sy namboly vary ny tosika fanohanana azony tamin'ny famaranana ny *Vatsin'Ankohonana*. *« Masomboly 50 kapoaka no nanombohako azy. Namboly vary aho ary afaka namarotra 100 kapoaka isan'andro, nazahoako tombony 6.000 ariary isan'andro. Io asa fihariana nataoko io no miantoka ny fianaran'ny zanako sy ny sakafonay isan'andro. Tsy tafavoaka aho raha tsy nisy ny fanohanan'ny Vatsin'Ankohonana* » hoy i Françoise KAMIALY.

Nampiasa renivola 70.000 ariary ka hatramin'ny 100.000 ariary izy, mpikambana mavitrika anatin'ny VOAMAMI izy, mampihatra ireo fomba fitantanam-bola tsotra ary mitana an-tsoratra, anaty kahie, ny fidirana sy famoaham-bola. Mampiasa boatin-drakitra ihany koa izy, 500Ar farafahakeliny no arotsany anatin'izany isanan'andro. Hiroso amin'ny fiompiana akoho indray i Françoise amin'ny fandraisana ny ampahany faharoa amin'ny tosika fanohanana.

## *« Je n'aurais jamais réussi mon commerce sans le soutien du Vatsin'Ankohonana»*

Bénéficiaire du programme *Vatsin'Ankohonana*na, Françoise KAMIALY, mère de famille de trois enfants a réussi sa vie. C'est ainsi qu'elle décrit son parcours. Sa réussite est d'abord motivée par sa volonté, sa persévérance et son projet de commerce. Le Fonds de Soutien, obtenu vers la fin de la période d'allocation du programme, lui a permis d'investir dans l'achat de semences et la culture du riz. *« J'ai commencé avec 50 gobelets de semences. J'ai, par la suite, pu produire et vendre 100 gobelets de riz par jour, générant 6.000 Ariary de bénéfice quotidien. Mon commerce de riz me permet d'assurer la scolarité de mes enfants ainsi que notre nourriture quotidienne. Je n'aurais jamais réussi sans le soutien de Vatsin'Ankohonana* » raconte-t-elle.

Françoise KAMIALY a mobilisé entre 70.000 et 100.000 ariary de capital et utilise un carnet de gestion financière simplifiée qui lui permet de gérer les dépenses et les gains. Membre active de l'Association Villageoise d'Epargne et de Crédit ( AVEC ), elle adopte les bonnes pratiques financières. Elle possède même une petite caisse individuelle chez elle où elle n'oublie pas de verser 500Ar par jour au minimum. Elle compte allouer la deuxième tranche de son Fonds de soutien dans l'élevage de poulets. Ses projets avancent bien.

# **Haraton'aina :** Ahoana ny fomba hanatanterahana ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona ?

*92 % n'ireo ankohonana mpisitraka no nampihatra ireo fihetsika miabo ho an'ny fanatsarana ny fiainam-pianakaviana ary manodidina ny 90% no nanao asa miteraka loharanom-bola. Tsara ny vokatra ho an'ny tetikasa fiahiana mpiara-belona (FSS). Ao ambadik'ireo tarehimarika ireo, rafitra iray manontolo sy hetsika marolafy ary mpisehatra samihafa no miara-miasa.*


© Rado Rakotomanalina /FID

**Ny vatsy ara-bola no tohana voalohany**
Manampy ny fidiram-bolan'ireo tokantrano tena sahirana ny vatsy mba hahafahan'izy ireo miantoka ny fivelomany. Noho izany dia afaka mahazo ireo tolotra sôsialy fototra toy ny fanjarian-tsakafo, ny fahasalamana na ny fanabeazana ireo ankizy izy ireo.

**Samy manana ny fomba fanohanany ireo fandaharanasa**
*Vatsin'Ankohonana* sy *Fiavota* dia mitaky ny fandefasana ireo ankizy eo anelanelan'ny 6 sy 14 taona any an-tsekoly ambaratonga fototra. Misy ny rafitra fanarahana eny ifotony iarahana amin'ireo talen-tsekoly. Miankina amin'ny fahavitrihan'ny ankizy mandeha mianatra no handraisan'ny tokantrano mpisitraka ny vatsy isaky ny roa volana. Ho an'ny *Asa Avotra Mirindra*, ny vola dia takalon'ny asa tanterahin'ny mpisitraka. Efa-polo andro ny faharetan'ny asa ary indroa mihantaona izany. Ny tambinkarama dia mifanaraka amin'ny andro iasana ary raisina isaky ny roapolo andro.

**Ireo hetsika fampivoarana no mitondra any amin'ny fihatsaram-piainana maharitra**
Hetsika fampivoarana na tantsoroka, ireo no tena fototry ny fiovana. Etsy andaniny dia mampiroborobo ny fiainam-pianakaviana izy ireo, ary manampy amin'ny fampiatiana ara-toekarena hoan'ireo ankohonana mpisitraka, etsy ankilany.

Ny *«sehatra mahasoa»* sy ny *« sehatra fanatsarana famokarana »* no hanaovana ireo fanentanana sy atrikasa ary fiofanana mahakasika lohahevitra samihafa : fahasalamana, fanjarian-tsakafo, fahavitan-tenan'ny vehivavy, fanabeazana ara-bola, fampiatiana ara-pamokarana, ... Ireo hetsika ireo dia misokatra ho an'ny mpiara-monina manontolo, anisan'izany ireo tokantrano tsy mpisitraka.

**Misy ny fiaraha-miasa amin'ny mpiantsehatra eny ifotony**
Ny fanohanana ireo vondrom-piarahamonina dia tanterahina miaraka amin'ireo mpiantsehatra eny ifotony. Ny Komity mpiahy ny mpiara-belona, olona tò teny eny anivon'ny fiarahamonina, dia manampy sy manoso-kevitra ireo mpisitraka mandritry ny fanatanterahana ny fandaharanasa. Ny Reny mavitrika, vehivavy nofidian'ireo mpisitraka namany, dia manentana sy mitantsoroka ireo amin'ireo lohahevitra fampivoarana. Ny mpitantsoroka ifotony dia manampy ireo reny mavitrika. Izy ireo no mampita ireo fahalalana amin'ireto farany.
Miara-miasa akaiky amin'ireo mpiara-miombon'antoka eo an-toerana amin'ny sehatra hafa ny FID : mpanentana ara-tsakafo, mpanentana ara-pahasalamana, teknisiana momba ny fambolena, teknisiana momba ny tontolo iainana, ...

**Ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena mandritra ny fandaharanasa**
Amporisihina fatratra ny fandraisan'anjaran'ny vondrom-piarahamonina amin'ireo dingana samihafa amin'ny fandaharanasa. Manomboka any amin'ny fitsongàna, ny fandraisana sy fanoratana anarana, dia entanina ireo vondrom-piarahamonina amin'ny alalan'ny fanomezany ny fankatoavana. Ny rafitra *"fifampitondran'ny samy olom-pirenena"* dia manome fahafahana ireo vondrom-piarahamonina hiaro ny zony, hiara-hamaha ireo disadisa ary hanatsara ny fizotry ny fanatanterahana ny fandaharanasa.



# **Filets sociaux :** Comment les programmes de protection sociale sont-ils mis en œuvre ?

*92 % des familles bénéficiaires ont adopté des pratiques positives pour le bien-être familial et environ 90 % ont investi dans des activités génératrices de revenus. Les résultats s'avèrent probants pour le projet Filet Sociaux de Sécurité (FSS). Derrière ces chiffres, tout un dispositif est mis en place avec des actions multidimensionnelles et un réseau d'intervenants.*


© Rado Rakotomanalina /FID

**Les transferts monétaires comme premier soutien**
Les transferts monétaires fournissent un complément aux revenus des ménages les plus démunis pour qu'ils puissent assurer leur subsistance. Cela leur permet d'accéder aux services sociaux de base tels que la nutrition, la santé ou l'éducation de leurs enfants.

**Les modalités des transferts varient selon le type de programme**
*Vatsin'Ankohonana* et *Fiavota*, exigent la fréquentation de l'école primaire pour les enfants entre 6 et 14 ans. Un système de suivi est établi au niveau local avec la collaboration des directeurs d'école. Le transfert au ménage bénéficiaire se fait suivant l'assiduité scolaire des enfants tous les deux mois. Dans le cadre de *Asa Avotra Mirindra*, des rémunérations sont données en contre partie des travaux fournis par les bénéficiaires. A raison de deux interventions, de quarante jours, à l'année, les travailleurs sont payés suivant leur assiduité par tranche de vingt jours.

**Les actions de développement pour une amélioration durable des conditions de vie**
Appelées « mesures d'accompagnement », les actions de développement sont les véritables vecteurs de changements. Elles favorisent, d'une part, le bien-être familial et soutiennent, d'autre part, l'inclusion économique des ménages bénéficiaires. Dans les *«espaces de bien-être »* et les *« espaces productifs »*, des sensibilisations, des ateliers et des formations sur différentes thématiques sont données : santé, nutrition, éducation, autonomisation des femmes, éducation financière, inclusion productive, ... Ces activités sont ouvertes à l'ensemble de la communauté y compris les ménages non bénéficiaires.

**Des intervenants et partenariats au niveau local**
Le soutien aux communautés est mené conjointement avec les intervenants et acteurs locaux. Les Comités de Protection Sociale (CPS), notables de la communauté, assistent et conseillent les bénéficiaires le long des programmes. Les Mères Leaders (ML), femmes bénéficiaires élues par leurs paires, mobilisent et accompagnent les bénéficiaires sur les thématiques de développement. Les Accompagnateurs Spécialisés (AS) appuient les ML dans leur rôle. Ils leur apportent les capacités techniques nécessaires.
D'autres collaborations sont également tissées et mises en pratique sur le terrain. Dans ses interventions, le FID travaille en synergie avec les intervenants locaux des autres secteurs : agents communautaires de la nutrition ou de la santé, techniciens agricoles, techniciens environnementalistes, ...

**L'engagement citoyen au fil des programmes**
La participation communautaire est fortement sollicitée aux différentes phases des programmes. Dès le ciblage, l'enregistrement et l'inscription, les communautés sont mobilisées à travers les validations communautaires. Les mécanismes de gouvernance citoyenne permettent aux communautés de défendre leurs droits, de traiter les conflits localement et d'améliorer la mise en œuvre des activités.

# Fotodrafitrasa :

## Fanarenana, hoavin'ireo mpiara-belona



Fotodrafitrasa teo aloha



Fotodrafitrasa taorian'ny fanarenana

© Manda Andriamampianina / FID

Mandeha sarety roa hatramin'ny efatra andro vao mahita tobimpahasalamana na trano fianarana araka ny tokony ho izy. Indrisy, izany no iainan'ny mpiara-belona monina ambanivohitra amin'ny toerana maro eto Madagasikara, mainka moa amin'ny fotoan'ny orana na aorian'ny fandalovan'ny rivodoza.

Nanomboka ny taona 1993, ny FID dia nisahana asa fanorenana sy fanarenana fotodrafitrasa maherin'ny 7.800 simban'ny loza voajanahary, mba ho famerenana amin'ny laoniny ny fiainan' ireo vondron'olona ifotony na hisitrahan'izy ireo ny tsara kokoa mihitsy aza.

Mifaka amin'ny fahasalamana sy ny fampianarana ny fampandrosoana ny mahaolona. Ny fananan'ireo mpiara-monina fotodrafitrasa sahaza ho an'ireo no hahafahan'izy ireo misitraka tsara izany.

### Infrastructures : Reconstruction pour le futur des communautés

Deux à quatre jours de voyage en charrette pour bénéficier de l'enseignement ou des soins de santé dans des infrastructures aux normes. Telle est la triste réalité de la vie des communautés rurales dans plusieurs fokontany à Madagascar. Cela est bien plus grave pendant la saison pluvieuse et après les dégâts cycloniques.

Depuis 1993, le FID a réhabilité ou reconstruit plus de 7.800 infrastructures de base endommagées par les catastrophes naturelles afin que les communautés affectées puissent revenir de nouveau à leur vie normale ou encore mieux.

Le développement humain se fonde autant sur la santé que sur l'éducation. La disponibilité des infrastructures adéquates permet aux communautés d'en jouir effectivement.



**RAZAFINDRAVAO Marie Augustine**

*Mpisitraka / Bénéficiaire Asa Avotra Mirindra Ankianjambe, Isandra*



© Flavie Hengotema /FID

## "Namolavola ahy ho lasa mahery fo ny Asa Avotra Mirindra"

Vehivavy mananotena ary manan-janaka 5 i RAZAFINDRAVAO Marie Augustine izay monina ao amin'ny fokontany Ankianjambe, kaominina Ambanivohitra Tranovondrona, ao amin'ny distrikan'Isandra. *" Talohan'ny Asa Avotra Mirindra dia tsy mbola nahita ny maha-zavadehibe ny rary eo amin'ny asa fivelomako aho. Amiko dia fialam-boly ho ahy no nanaovako izany. Noho ireo fiofanana maro azonay teny amin'ny Asa Avotra Mirindra no nahafantarako ny fomba hahatonga azy io ho loharanom-bola ary azo atao fidiram-bola maharitra ho an'ny tokantrano."*

Amin'izao fotoana izao dia lasa mpitarika ny mpandrary harona ao an-tanànany i Augustine. *" Vehivavy eo amin'ny 20 eo ho eo izahay no niara-niasa, nanao fifanarahana tamin'ny mpandraharaha iray any Fianarantsoa, izay hivarotana harona efa ho 200 isan-kerinandro. Tsy mila mihetsika akory izahay fa ny mpanjifa no tonga mividy ny vokatra eto amin'ny fokontany. "*

Efa mikasa ny hanitatra ny asany ary mikasa ny handrakotra ny tsena eo an-toerana maro i Augustine sy ny namany. *" Miezaka izahay mba hanomezana fahafaham-po ny mpanjifa amin'izao fotoana izao satria ny tanjonay dia ny hahita lalan-tsena manerana ny firenena na iraisam-pirenena indray andro any. "*

## « Je suis devenue une femme battante grâce à Asa Avotra Mirindra »

Veuve et mère de 5 enfants, RAZAFINDRAVAO Marie Augustine est leader dans son village Ankianjambe, terroir de Tranovondrona, dans le district d'Isandra. *« Avant Asa Avotra Mirindra, je n'avais pas perçu le potentiel économique de la vannerie. Pour moi, c'était plus une distraction. Grâce aux formations que nous recevons dans Asa Avotra Mirindra, j'ai appris comment en faire une source de revenus. »*

Actuellement, elle est devenue leader des femmes vannières dans son village. *« Nous sommes une vingtaine de femmes à s'être regroupées pour travailler ensemble, nous avons contracté avec un opérateur à Fianarantsoa auprès de qui nous livrons près de 200 paniers par semaine. Nous n'avons pas besoin de nous déplacer, ce sont les clients qui viennent dans notre fokontany pour acheter nos produits. »*

Augustine et ses amies envisagent d'élargir leurs activités et comptent couvrir plusieurs marchés locaux. *« Nous faisons des efforts pour satisfaire nos clients actuels car notre ambition est de trouver des débouchés au niveau national et à l'international un jour. »*

**Fanontaniana 3 ho an'i**

***3 questions à***

# RAKOTONDRAFARA Marcellin

*Sekretera jeneralin'ny kaominina renivohitr'Imerintsiatosika*
*Secrétaire Général de la Commune Urbaine d'Imerintsiatosika*




© Lovasoa Ramialiniaina / FID

## 1

**Hatraiza ny fandraisan'anjaran'ny fandaharanasa *Asa Avotra Mirindra* tamin'ny fampandrosoana ny kaominina misy anao ?**

Dans quelles mesures, le programme *Asa Avotra Mirindra* ou Filets Sociaux Productifs (FSP) a-t-il pu contribuer au développement communautaire au sein de votre Commune ?

Hatrizay nanombohan'ny fandaharanasa *Asa Avotra Mirindra* tato amin'ny Distrikan'Arivonimamo ary indrindra teto amin'ny kaominina renivohitra Imerintsiatosika nanomboka ny taona 2020, dia nivoaka ho mpandresy ny vehivavy.
Ireo mpisitraka vehivavy dia afaka mandray anjara amin'ny fandanian'ny ankohonany. Nanamaivana ny vadiny izany ary manatsara ny toe-karena sy ny fiainan'ny ankohonany.
Hita noho izany fa nihena ny herisetra atao amin'ny vehivavy. Ho fanampin'izay, lasa mahaleo tena ireo vehivavy mpisitraky ny fandaharanasa *Asa Avotra Mirindra*.

Avec la mise en place de *Asa Avotra Mirindra* dans le district d'Arivonimamo, notamment dans la commune urbaine d'Imerintsiatosika, depuis 2020, je peux confirmer que la communauté féminine s'en sort gagnante.
En effet, les femmes bénéficiaires du programme contribuent dorénavant aux charges familiales. Cela allège leur mari et améliore l'économie et le bien-être de la famille.
Nous avons également constaté que les violences envers les femmes ont également diminué. De plus, les femmes qui ont bénéficié de *Asa Avotra Mirindra* deviennent de plus en plus indépendantes et autonomes.

## 2

**Amin'ny fomba ahoana no nahafahan'ny *Asa Avotra Mirindra* nanatsara ny fitondrantena teo anivon'ny fiaraha-monina ?**

Comment *Asa Avotra Mirindra* a-t-il pu améliorer les comportements au sein de la communauté ?

Na ho an'ireo izay mbola tsy nandre izany fandaharanasa izany aza dia hita soritra mazava fa ireo fokontany misitraka ny *Asa Avotra Mirindra* dia miavaka amin'ny fikojakojana sy fanovana ny endriky ny tontolo izay niasany. Miverina ho maitso ny tanana manodidina noho ireo fambolen-kazo.
Miparitaka ihany koa amin'ireo fokontany manodidina ireo vokatsoa ateraky ny *Asa Avotra Mirindra*. Toy ny ao Ambohimiadana II, fokontany tsy mpisitraka nefa manana tokantrano maro izay nampihatra ireo teknika nomena mandritra ny fiofanana ary anisan'izany ny tenako. Tsy mpisitraky ny fandaharanasa aho fa namboly akasia ao amin'ny taniko arak'ireo teknika vaovao ary efa roa taona izao ny zana-kazoko.
Ireo mpisitraky ny *Asa Avotra Mirindra* ao amin'ny fokontany Fonenana dia manadio ny tokontanin'ny sekoly ambara tonga fototra sy ny biraon'ny fokontany isam-bolana. Izany rehetra izany dia zaraiko mba hanasongadinana ny fitondrantena miabo asehon'ireo mponina hatrizay nisian'ny fandaharanasa.

Sans même connaître le programme *Asa Avotra Mirindra,* nous constatons de visu la différence des paysages entre un fokontany bénéficiaire et non bénéficiaire. Le changement de paysage est frappant. Les terroirs sont reverdis par les activités de reboisement.
De plus, *Asa Avotra Mirindra* fait également échos au sein des fokontany non bénéficiaires du programme. Par exemple, à Ambohimiadana II, le nombre de personnes ayant adopté les techniques octroyées pendant les formations est assez élevé, j'en fait partie. Je ne suis pas bénéficiaire mais j'ai planté des acacias dans ma propriété suivant les nouvelles techniques et mes jeunes plants ont maintenant deux ans.
Dans le fokontany Fonenana, qui est un fokontany bénéficiaire, les travailleurs de *Asa Avotra Mirindra* assainissent en nettoyant mensuellement l'enceinte de l'Ecole Primaire Publique ainsi que le bureau du fokontany. Tout cela pour souligner le changement positif des comportements de la population dû à l'opérationnalisation du programme.

## 3

**Raha araka ny hevitrao, nandray anjara tamin'ny fanatsarana ny fampiroboroboana ny toekarena eo anivon'ny Kaominina Andrenivohitra Imerintsiatosika ve ny *Asa Avotra Mirindra* ?**

Selon vous, *Asa Avotra Mirindra* a-t-il contribué à l'amélioration du développement économique de la Commune Urbaine d'Imerintsiatosika ?

Hatrizay ireo mponina ao amin'ny fokontany Fonenana dia nivelona tamin'ny fambolena mangahazo sy ny fandrariana. Kely ny vokatra azon'izy ireo ary sahirana ara-pivelomana ny mponina. Nitombo noho izany ny isan'ireo mpangataka ary maro ny hala-botry niseho. Ankehitriny efa mampihatra ireo teknika vaovao izy ireo ary nampitombo ny vokatra azony. Ankoatra izay dia nanangana ny VOAMAMI ireo mpisitraka. Mavitrika erỳ ireo mpikambana amin'izany ary tsapa fa tena nampiova ny fari-piainan'izy ireo izany.

Bien avant ce programme, les habitants du fokontany Fonenana au sein de la Commune Urbaine d'Imerintsiatosika vivaient principalement de la culture de manioc et de la vannerie. La quantité de leur production ne subvenait pas à leur besoins au quotidien. La population avait du mal à s'en sortir et les mendiants étaient nombreux. Les cas de vols s'amplifiaient. Actuellement, les familles ont nettement amélioré leur rendement avec les nouvelles techniques et les bénéficiaires du programme ont mis en place l'association villageoise d'épargne et de crédit (AVEC). Ils y sont très actifs et je trouve que leur niveau de vie s'est nettement amélioré.

Hita tany ho any

# **Afrika atsimon'i Sahara :** Ho sahirana tanteraka raha tsy miroso be be kokoa amin'ny fampandrosoana ny indostria ao anatin'ny 20 taona ho avy



Araka ny voalazan'ny Banky Iraisam-pirenena "ho an'ny taona 2030, dia vinanina ho olona sivy amin'ny folo miaina ao anatin'ny fahantrana lalina no hiaina aty Afrika atsimon'i Sahara". Hitombo ny mponina ao amin'ny faritra, iray lavitrisa ho lasa roa amin'ny 2050, ary ho lasa efatra amin'ny 2100. Noho izany maika ny fampandrosoana ny fambolena sy ny indostria.

Matetika ny andrim-panjakana iraisam-pirenena dia mamatsy vola fanampiana ho an'ny fampandrosoana ho an'ny tetikasa sy sehatra voafetra ihany. Mazava fa tena ilaina ny fivoaran'ny teknolojia amin'ny sehatra nomerika, ny fifandraisan-davitra na amin'ny sehatra lovain-jafy izay hahafahan'i Afrika mandroso saingy tsy ho ampy izany. Manampy izany koa hevitra mbola manohitra ny famoronana indostria fanodinana sy famokarana entana ilaina amin'ny andavan'andro.

Tokony miala tsikelikely amin'ny modelin'ny fanampiana vahoaka tsy mahomby amin'ny fampandrosoana isika, izay heverina ho lany andro amin'ny vanim-potoanan'ny fanatontoloana. Tokony homena laharam-pahamehana ny fiaraha-miasa amin'ny orinasa eo an-toerana sy iraisam-pirenena izay hiteraka tombony be kokoa ary mametraka fototra tsara ara-toekarena ho an'ny asa sy ny fandrosoan'ny olombelona.

Vu ailleurs

## Pour éviter un chaos humanitaire, l'Afrique subsaharienne doit s'industrialiser en moins de vingt ans

Selon la Banque Mondiale " *pour 2030, les prévisions indiquent que neuf personnes vivant dans l'extrême pauvreté sur dix vivront en Afrique subsaharienne* ". La population de la sous-région passera d'un milliard d'habitants à deux en 2050 puis à quatre en 2100. Aussi le développement de l'agriculture et de l'industrie est plus que jamais urgent.

Les institutions internationales réservent le plus souvent les fonds de l'aide publique au développement (APD) à des projets d'investissement réalisés seulement dans quelques secteurs d'activité au détriment d'autres. Alors certes, les évolutions technologiques dans les domaines du numérique, des télécommunications ou du durable sont indispensables et permettront à l'Afrique d'avancer, mais cela ne suffira pas. Aussi peut-on regretter des choix idéologiques qui s'opposent souvent à la création d'une industrie manufacturière de biens de consommation.

Il faut rompre progressivement avec un modèle d'aide publique au développement (APD) inefficient, mais aussi souvent jugé paternaliste et anachronique à l'heure de la mondialisation. Il convient de privilégier des collaborations et synergies entre entreprises locales et internationales qui généreront davantage de dynamiques et initieront des cercles économiques vertueux propices à l'emploi et au progrès humain.

*Source : https://afrique.latribune.fr/*